


Sahabo eo aminy 130 kilometatra ny manelanelana azy an'i Mahanaro, amin'iny Lalam-pirenena 11A iny. Fa no ny aratsian'ny lalàna dia telo andro be izao no lany any am-pandianana ary raha tsy « *camions* » tsy tafavoaka. Mazava fa vitsy ny fiara mpitatitra olona ary raha misy aza dia midangana ny sarany ary miovaova ka manomboka eo aminy 60.000 ariary. Misy koa làlana hafa miala avy ao Anosibe Anala, Fandriana, Ambatofotsy fa tsy maintsy dia-tongotra fa tsy misy izany hoe làlana ho ana fiara izany.




**Fandriana, 21 Janoary 2016. Ny minisitra Ralava Beboarimisa sy Ramangason Guy Suzon, Tale jeneralin'ny Madagascar National Park (MNP)**

Taminy  21 janoary 2016 no notokànana ny valan-java-boary any Marolambo. Ary  tany amin'ny distrikan'i Fandriana no natao ny lanonana… Mahavariana. Ny  marina dia tsy tongan'ny fiara 4X4 intsony ny any fa *« camions »* ihany… Nefa tonga tany mihitsy ny minisitry ny Tontolo iainana, Ralava Beboarimisa. Mbola sahin'ity minisitra ity ihany no milaza fa ***«fanamby nataon'ny filoha Hery Rajaonarimampianina io, tamin'izy tany niatrika ny Kongresy iraisam-pirenena faha-6 momban'ny valan-java-boary nasionaly, tany Sydney, Australia, ny volana Novambra 2014»***. Ny marina dia efa fito taona io drafitr'asa io no noketrehin'ny MNP sy ny Vondrona europeana (UE) izay nanome famatsiam-bola mitentina 6 hetsy sy 1 tapitrisa euros UE. Fa maninona no mandainga foana toa izany e ? Misalotra ny zava-bitan'ny hafa foana.




Mirefy 95.063 hektara io valan-java-boary io. Tsy hita pesipesenina ny harena nomen'Andriamanitra ho an'ny Malagasy.



16 MAGAZINE Société L'EXPRESS DE MADAGASCAR

ENVIRONNEMENT

Le Parc national de Marolambo suscite de l'espoir

Six districts attendent la mise en valeur de leurs richesses naturelles. Beaucoup d'infrastructures restent à mettre en place pour faire profiter aux visiteurs la 43e aire protégée gérée par Madagascar National Parks.

17 MAGAZINE L'EXPRESS DE MADAGASCAR

Juliette Rahariveloloina
Directrice du parc de Marolambo
« L'exploitation minière illégale est un véritable casse-tête »

Benoit Lahimarina
De l'Association Lohavano et ancien député de Marolambo
« Le nouveau parc doit réduire la pauvreté des habitants »

***« Espoir »*** **na fanantenana ho an'iza? Tadidido fa ny andramena ahondrana any ivelany anie dia any anaty faritra voaara no angalarina e! Seho ivelany daholo ireo ambony ireo**







***"Misy volamena sy zircon ao Marolambo ao"***



**Deux nouvelles zones Malgaches où partir à la chasse aux diamants**

Par goldprospector dans Accueil le 28 Mai 2013 à 07:19

D'après le docteur en géologie Brice Randrianasolo Andohamasoandro des diamants pourraient se trouver à Madagascar dans les zones d'Itremo-Ambatofinandrahana et Tsiazomboalavo à l'est de Marolambo sur l'axe ouest de Nosy-Varika. Ses soupçons se fondent sur l'observation scientifique des reliefs. A titre de rappel, ce scientifique malgache a présenté les différents modèles de gisement de kimberlite à Madagascar lors de la conférence organisée à Paris par la Société géologique de France les 6 et 7 décembre derniers. Un signe annonciateur de diamant est notamment la présence de gros minéraux de grenats appelés pirope. Outre ces deux sites révélés par le scientifique, ce dernier a également découvert dans le Sud du pays 4 autres sites auparavant, à savoir Satrokala, Fenoarivo, Analavoka et Iavaraty. D'autre part, Madagascar est riche en matière comme le tantale, le niobium, le zirconium et le gallium qui sont tous des minéraux stratégiques.

**Mety misy koa izany ny diamondra**





**Lalana izany, làlana izany!**



[illegible]



[illegible]